# 22 NY FEHEZAN-KEVITRA

## LOHAHEVITRA

- Mahafantatra ny fifandraisana misy apetraky ny mpampifandray eo amin'ireo fehezan-kevitra ao anaty fehezanteny.

## LESONA HO TADIDINA

**Famaritana**

Ny fehezanteny dia fitambaran-teny na andian-teny voalamina sy voarindra mba haneho hevitra feno sy mazava. Miantomboka amin'ny sora-baventy izy io ary miafara amin'ny teboka.

ohatra: Mahatsara ny rivotra iainana ny fahatsaran'ny tontolo iainana.

Ny fehezan-kevitra dia fitambaran-teny na andian-teny mifototra amin'ny Enti-milaza iray.
Arakaraka ny isan'ny Enti-milaza no isan'ny fehezan-kevitra ao anaty fehezanteny iray.

**FEHEZAN-KEVITRA IRAY = ENTI-MILAZA IRAY**

ohatra: [Manga ny lanitra] ary [tsinjo tony dia tony ny ranomasina.]

| Manga | ny lanitra | ary | tsinjo | tony dia tony | ny ranomasina. |
|---|---|---|---|---|---|
| EM1 | L1 | | EM2 | | L2 |
| Fehezan-kevitra 1 | | | Fehezan-kevitra 2 | | |

**Endrika isehoan'ny fehezanteny sy ny fehezan-kevitra**

Misy karazany maromaro ny endrika isehoan'ny fehezanteny arakaraka ny fehezan-kevitra ao anatiny.

- Ny fehezanteny mahaleotena

Ao anaty fehezanteny iray dia tsy ahitana afa-tsy fehezan-kevitra iray

| ohatra: | Nahafinaritra loatra | ny andro | tamin'izay. |
|---|---|---|---|
| | EM | L | ZP |

- Ny Fehezanteny iray ahitana fehezan-kevitra maromaro

Ao anaty fehezanteny iray ihany koa dia mety ahitana fehezan-kevitra maromaro: roa na telo. Amin'izany ny fehezan-kevitra tsirairay dia ampifandraisin'ny mpampitohy na mpampiankina. Araka izany dia misy ny fehezan-kevitra iankinana ary misy ny fehezan-kevitra miankina ka ny fehezan-kevitra voalohany foana no fototra na iankinana.

ohatra:

| Lasa niantsena | i Bao | sady | hanatitra | vidin-jiro | satria | efa tonga | ny faktiora. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| EM | L | | EM | RF | | EM | L |
| Fehezan-kevitra1 | | | Fehezan-kevitra2 | | | Fehezan-kevitra3 | |

Marihina fa raha mpampitohy no mampifandray ny fehezan-kevitra roa dia samy mahaleo tena izy ireo. Raha mpampiankina kosa ny mpampifandray hita ao amin'ny fehezanteny dia misy ny fehezan-kevitra iankinana sy miankina.

ohatra:

| Nomanina ny lamba landy | **ka** | notemerina ny rindrin'ny trano hanaovana famorana |
|---|---|---|
| EM L | | EM L ZP |
| Fehezan-kevitra1 (mahaleo tena) | | Fehezan-kevitra2 (mahaleo tena) |

| Tapaka ny karamany | **satria** | nanao atsirambina tamin'ny asany izy |
|---|---|---|
| EM L | | EM RF L |
| Fehezan-kevitra1 (iankinana) | | Fehezan-kevitra2 (miankina) |

Misy ihany koa fehezanteny iray ahitana fehezan-kevitra maromaro elanelanin'ny mari-piatoana
" , ; " amin'izay dia samy mahaleo tena ireo fehezan-kevitra ireo.

ohatra:

| Vory ny nasaina | **,** | nanomboka ny lanonana |
|---|---|---|
| EM L | | EM L |
| Fehezan-kevitra1 (mahaleo tena) | | Fehezan-kevitra2 (mahaleo tena) |

**SAHANASA 1**

Rasao ny fehezanteny amin'ny fanavahana ny fehezan-kevitra ao aminy

- Nangovitra ny tanany, nipararetra ny molony, vaka ny sainy.

- Tsy tafita tahaka izao Raleva raha nanao kitoatoa tamin'ny fianarana.

- Nisento Ingahy Fara.

- Mandihy ny ao an-tanàna raha misy lanonana.

**SAHANASA 2**

Lahatsoratra

Atao mandraka ankehitriny ny famorana. Efa betsaka anefa ny fombafombataloha no navela noho ny antony maro samihafa, toy ny lafiny fahasalamana ohatra. Mety ho antony ihany koa ny toe-karen'ny fianakaviana tsirairay, na ny finoana sy ny fivavahana. Ny famorana anefa tsy very mihitsy fa atao ho fanomezana haja sy hasina ary fampidirana ny zazalahy ho tena lehilahy. Tsy ny rain-jaza irery intsony no manao azy fa ny dokotera koa. Azo asiana lanonana na tsia.

1- Raiso tsirairay ny fehezanteny ao amin'ny fehezanteny

2- Rasao sy vahavahao izany

3- Mariho ny fehezan-kevitra mahaleo tena, fehezan-kevitra iankinana, fehezan-kevitra miankina.